## ● NY FISOROHANA NY SIDA DIA

➢ ***<u>Raha amin'ny alalan'ny firaisana ara- nofo</u>***

- Fahononan-tena
- Fanajana ny olo-tiana
- Fampiasana fitaovana fiarovana

➢ ***<u>Raha amin'ny alalan'ny rà</u>***

- Fitiliana ny rà , ny taova ho ampiasaina
- Fampiasana fitaovana madio

➢ ***<u>Raha avy ao amin'ny reny mankao amin'ny zanany</u>***

- Tokony tsy hisy vohoka eo amin'ny olona mitondra ny tsimokaretina VIH
- Fizaham-pahasalamana
- Fanarahana ny torohevitry ny mpitsabo

**Tempolin'Andriamanitra**
**Ny tenako**
**Ny tenanao**
**Ny tenantsika**

### Ahoana hoy ny Soratra Masina ?

◆ *"Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hikambana amin'ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany ireo"*
Gen 2 : 24

➔ Izany hoe : ny firaisana ara-nofo dia natokana ho an'ny mpivady.

◆ *"Aza mijangajanga"*
Eks 20 : 14

➔ Izany hoe : tokony hifanaja ny mpivady na ny mpifankatia.

◆ *"Fantaro ny zavatra rehetra, hazony mafy izay tsara"*
I Tes 5 : 21

➔ Izany hoe : na dia eo aza ny fisorohana samihafa dia manana ny anjara manandrify azy ny Kristiana izay miainga amin'ny Soratra Masina.

**RY TANORA ! RY MPITOVO !**

**ALAVIRO NY FIRAISANA ARA-NOFO MIALOHA NY FANAMBADIANA.**

**RY MPIVADY !**

**AOKA HANAN-KAJA AMIN'NY OLONA REHETRA NY FANAMBADIANA .**

FIANGONAN'I JESOA KRISTY ETO MADAGASIKARA

Komitim-Pirenena Miady amin'ny SIDA
( KPMS )

# "FANTARO NY ZAVATRA REHETRA, ...

# HAZONY MAFY IZAY TSARA"

I Tes 5 : 21

*Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara*
*Trano Ifanomezantsoa I Tohatohabato Ranavalona I*
*Tél : 22 302 53 – 22 637 30*
*Fax : 22 270 33*
*E-mail : commfjkm@dts.mg*
*Antananarivo 101*

## NY SIDA

Na **Syndrome de l'Immuno-Déficience Acquise**
dia fitambaran'ireo soritr'aretina noho ny fahapotehan'ny hery fiarovana vokatry ny fidiran'ny tsimokaretina VIH ao amin'ny vatan'olombelona.

## NY VIH

Na **Virus de l'Immuno-déficience Humaine**
dia tsimokaretina mahatonga ny fahapotehan'ny hery fiarovana.

*Mitombo isa malaky ny olona mitondra ny VIH , ary mihanaka haingana ny aretina*

**ETO MADAGASIKARA**

1987 : Olona 1 anatin'ny olona 5000
2000 : Olona 1 anatin'ny olona 600
2003 : Olona 1 anatin'ny olona 90

**ERAN-TANY**

2001 : 40 tapitrisa no mitondra ny tsimokaretina VIH
2003 : 46 tapitrisa no mitondra ny tsimokaretina VIH

# TSARA HO FANTATRA

- Miankina amin'ny herim-batan'ny tsirairay ny fisehon'ny aretina. Taona maro na vitsy aorian'ny fidiran'ny VIH no mety hitrangany.

- Mety hiseho amin'ny endrika samihafa izany :

  - Fivalanana maharitra
  - Miha-mahia
  - Mikohaka maharitra
  - Aretin-koditra
  - Fanaviana mitohy
  - Atody tarimo,

  ......sns......

Tsarovy anefa fa :

**Fitiliana, ary ny fitiliana ny rà ihany no ahafahana milaza fa mitondra ny VIH ny olona iray.**

- **Ny tsimokaretina VIH dia afaka mivelona ao anatin'ny :**
  - Ràn'olombelona
  - Tsiranoka
  - Nonon-dReny

- **Noho izany ny SIDA dia mifindra amin'ny alalan'ny :**
  - Firaisana ara-nofo amin'ny olona mitondra ny tsimokaretina
  - Rà misy ny tsimokaretina
  - Reny bevohoka na mampinono mitondra ny tsimokaretina mankao amin'ny zanany

- **Fa tsy mifindra kosa amin'ny alalan'ny :**
  - Fiaraha-misakafo
  - Fifandraisan-tanana
  - Fifanorohana
  - Fampiasana telefaonina
  - Filomanosana
  - Kaikitra moka
  - Fampiasana trano fidiovana